RARAHARAHA TRANOMBAROTRA TIA ANALAKELY SY TSARALALÀNA

# Mandiso ny mpisolovavan'ilay sinoa ny havan'i Miora Muriella

Mandiso tanteraka ny fanambaran'ny mpisolo vava an'ilay sinoa antsoina hoe GUFENG, nanerana ny fahitalavitra ny alakamisy teo ny fianakavian'i Miora Muriella, momba ny raharaha Tranombarotra Tia Analakely sy Tsaralalana.

-Misy PV nataon'ny Polisy ao amin'ny surveillance du territoire manamarina ny tranga rehetra. Ary voatanisa ao amin'io fitanana an- tsoratra io avokoa ny mikasika an'ilay sinoa antsoina hoe LIU ZHOU izay tsindriana etoana fa matin'ny Covid19 fa tsy novonoina. Voarakitra ao ihany koa fa nalevina eny Anjanahary izy io, fa tsy hoe tsy hita izany ny fatiny.

- Procuration nomen' ilay olona maty (LIU ZHOU) no nampiasain'i GUFENG nitoriana an'i Mme Miora Muriella izay tsy légalisé akory fa navoakan'ny teo anivon'ny Conficius fotsiny ihany. Ny Procuration anefa dia tokony ho faty miaraka amin'ny olona nanome azy.

- Nisy Acte d' huissier nampiharana didim- pitsarana nivoaka ary natrehan'ny mpitandro filaminana ny fanatanterahana azy, izay nalefa niaraka tamin'ny antontantaratasin'ny olona notoriana, kanefa tsy noraharahian'ny fitsarana izany, fa izao nadoboka amponja izao i Miora sy ilay mpiasan'ilay sinoa.



*I Liu Zhou fony izy narary teny amin'ny hopitaly.*

- Namoaka Procuration hafa indray i GUFENG tamin'ny herinandro izay voalaza fa nomen'ny zanak'i LIU ZHU avy any Chine, izay mbola ny Conficius ihany no nomboka azy. Dia tamin'ny alalan'io procuration hafa io indray, no nanomezany Procuration ho ana sinoa hafa nitory an'ireto Malagasy indray tetsy amin'ny Police Economique ny alatsinainy lasa teo.

- Misitrika i GUFENG ankehitriny, satria misy fitoriana azy eny anivon'ny Sampana BC an'ny polisy sy eny amin'ny Toby Ratsimandrava. Efa in- dimy nampanantsoina ny tenany fa tsy nipoitra mihitsy, ary nisy fotoana aza ny mpisolo vava azy mihitsy no nomena ilay taratasy ary nanao Sonia fa ho avy saingy tsy nipoitra hatramin'izao.

- Acte notoriété tsy mitombina ihany koa no nampiasainy satria tsy misy acte de decès niaraka taminy.

- Efa lasa harcelement atao amin'ny fianakavian'i Miora Muriella mihitsy no ataon'ilay sinoa GUFENG ankehitriny, ary mahavatra mamorona sy manely lainga amin'ny haino aman-jery amin'ny alalan'ny mpisolovava azy izy.

- Marihana fa manana "contrat de bail" hipetrahany ao amin'ny TIA Analakely sy Tsaralalana i Miora Muriella, ary mandritra ny 3 taona izany. Tsy an'ireo sinoa ny toerana fa an'ny fianakaviana Raboana, izay Malagasy ihany koa.

- Raha manana ny marina i GUFENG, maninona no misitrika fa tsy miseho mamaly ny antson'ny polisy efa in- dimy?

- Fantatra fa ramatoa iray, olona ambony tena akaiky ny filoha no ao ambadik'io sinoa io.

-Tsy mitombina ny filazana fa novonoina ilay sinoa ary nafenina ny fatiny.

-Fa atao izay hampigadra an'ireo malagasy nahazo ny fifanarahana tamin'ny tompontrano, hahafahan'ilay sinoa hafa mipetraka ao.

Ny naha- MD an'ireo tovovavy roa dia izao:

Tamin'ny 5 janoary dia nametraka fitoriana teny amin'ny brigade de recherche an'ny gendarme io GUFENG io, fa nisy vola very tao amin'ny biraony tao amin'ny tranombarotra TIA, dia tsy hita koa ny entany, dia hoe novonoin'izy roa ilay sinoa, nokendaina…

Nolazainy fa efa tamin'ny volana septambra anefa no very ilay vola, kanefa dia ny faran'ny volana oktobra vao niditra tao i Miora Muriella, ary tsy nikitika ny entany fa ilay vehivavy iray sekreteran'ilay sinoa no namoaka ny entana tao, teo anatrehan'ny Huissier sy ny Polisy.

Raha efa tamin'ny volana septambra no very vola izy ireo, i LIU ZHOU mbola velona tamin'izany, no sady tsy mbola notazonin'ny polisy tamin'ilay expulse, ka naninona no efa taty aorian'ny nahafatesany vao nitory?

Ny any amin'ny BC indray dia nitory i Miora Muriella, fa nanaovana extorsion de fond sy harcelement, mba hiala ao amin'ilay tranombarotra fa raha tsy izany dia gadraina ary dia io iaraha- mahita natao MD io izy.

Nitory eny amin'ny toby ihany koa noho ny famoronana dosie sy fanalambaraka ary famafazandainga ary harcelement ataon'i GUFENG amin'izy ireo.

**Stefa**

« Sorabe spécial » teny Itaosy

# Nanavotra mpivady lavo tamin'ny fiainana

***Misy ve ny olona ratsy vintana, sa izay no anjarany? Manam-bady ity ramatoa vao 30 taona monja ary miasa ny vadiny. Salama sy nanana teo aloha, fa lasa bankiropotra tanteraka taty aoriana.***

Tsara ny fidiram-bolan'izy mivady teo aloha, saingy tampoka teo dia nanjary niha-nahantra satria nihafongana ny teo am-pelatanana, ary izay sisa tsy lany dia tapitra nitsabona ilay rangahy mihitsy satria lasa narary hatramin'ilay rangahy. Tsy vitan'izany fa mbola niady tamin'ny fianakaviany koa ilay ramatoa, ka ratsy fihavanana sy fiarahamonina mihitsy. Nataon'ny olona tondromolotra sisa izy mivady. Very hevitra ny zanany, ka nitady vahaolana tamin'olona ivelany . Mandehana manatona an'i Mr Aina mpitsabo eny Ambonisoa Itaosy hoy izy, fa tsy ampahafirin'ireo olona nanana olana saro-bahana ianareo. Nihaona rehefa niantso tamin'ny 0382902668 sy ny 0320279868 ilay ramatoa.

**Tratry ny tsatoka sy bekorontana izy mivady**

Vantany vao nihaona dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Nisy nanao tsatoka ianareo hoy izy, ary tsy lavitra io olona io, fa mpiara-miasa tamin'ny vadinao ihany. Tsy vitan'izany fa narahiny bekorontana ihany koa ny tokantranonareo, ka tsy hisy zavatra handeha eo raha tsy voakarakara ianareo mianakavy. Milamina sady mandroso mantsy ny fiainanareo hoy izy, ka nofinganiny satria ho lasa lavitra noho izy. Raha tsy voakarakara mantsy ianareo hoy ilay mpitsabo, dia mety hiafara amin'ny ainareo mihitsy satria hitombo ny asan'ny maizina aminareo. « Sorabe spécial » no nentin'ity mpitsabo ity nanarenana ny vintan'izy mivady ary mbola nampandroina ihany koa mba hadio sy ho manitra. Taorian'izay, dia nampisotroina rano manokana ihany koa izy roa ary mbola nisy fanafody nampitondraina. Miverena afaka telo andro hoy izy, fa ho hitanareo ny vokany.

**Avotra izy mivady ary tafita lasa mpanefoefo**

Vao niverina tokoa afaka telo andro izy mivady dia niteny tamin'ity mpitsabo ity fa salama ilay rangahy ary nanonofy ramatoa fa tsy maintsy hahita asa. Afaka herinandro tokoa dia nisy niantso hiasa ramatoa ary tsara ny karama. Ilay rangahy koa dia sady salama no voaray hitantana orinasa iray eto Antananarivo. Nivaly ny fahorian'izy roa izay saika namoizana aina sy nahaverezana asa mihitsy. Nanomboka niverina tsikelikely nanatona azy mivady ny olona ary betsaka no vaky vava fa namono biby tsy nahafaty satria ny hamotika azy roa mihitsy no tanjony. Tafita izy roa ankehitriny, mandeha tsara ny fiainany ary salama tsara ihany koa. Niaiky izy fa samy manana ny fanomezam-pahasoavana ny rehetra, fa ity mpitsabo ity izay malaza amin'ny fananana « pouvoir » sy mampiasa « sorabe spécial » dia nanavotra azy mianakavy tao anatin'ny haizina. Ankehitriny dia lasa mpanefoefo izy roa satria nanatona avokoa ireo tsy tia, niditra ny vola, tafita ny zanany ary nanjary nahazo fiara, nahavita trano, sns … ihany koa. Lasa filamatra indray izy roa izao raha saika nopotehana sy novonoina mihitsy aza.

**Namana**

Tratran'ny tompom-bady

# Vehivavy mpangala-badin'olona, niboridana tsy naharay lamba

Tranga nahatsikaiky sy naha-menatra no nitranga teny Itaosy Antananarivo Atsimondrano afak'omaly, vehivavy mpangala-badin'olona no tratran'ny tompombady teo am-panaovana firaisana ara-nofo ny vadiny sy ity sakaizany ity, niboridana tsy naharay lamba ity vehivavy mpangala-badin'olona ity noho izany. Nangala-pitia ity, ity vehivavy ity sy ilay vadin'olona tamin'ny andro atoandro. Teo am-pampiarahana tao an-trano mihitsy izy roa no tra-tehaka, tafaporitsaka ralehilahy, ary nitsoaka avy hatrany, ravehivavy mpangalatra fananan'olona kosa tsy naharay ny lambany intsony ka atin'ankajo sisa no tena an-kodiny . Raikitra ny sakoroka sy ny fifandarohana tao an-trano, rovitra hatramin'ny fitafiana sisa tavela nanaovan'ilay vehivavy mpangala-badin'olona ary dia vaky nandositra izy avy eo. Tonga nandamina ny raharaha ny mpitandro filaminana teny an-toerana.

**Niaina**



*Ilay vehivavy tratra nangala-badin'olona.*

Tranga

# Niharan'ny fitsaram-bahoaka ilay mpangalatra moto tratra

Niharan'ny fitsaram-bahoaka ny mpangalatra moto iray tratra tany Kelimarovahatse Motombe Toliary faha-2. Tsy maty ity mpangalatra ity tamin'izany fa naratra mafy. Richard no anaran'ilay lehilahy tratran'ny fokonolona nangalatra moto tany Kelimarovahatse Motombe kaominina Betsinjaka  Toliara faha-2 io.Ny alarobia teo tamin'ny 06 ora hariva izy no voasambotra. Tafaporitsaka ny lehilahy saingy nifanotofan'ny olona nenjehina ka tratra ihany. Avy hatrany dia niharan'ny fitsaram-bahoaka. Samy nanala ny fony tamin'ny alalan'ny daroka ny rehetra . Naratra mafy ilay mpangalatra. Rehefa afa-po ny fokonolona tamin'ny daroka sy ny vono, natolotr'izy ireo tamin'ny manam-pahefana ny mpanao ratsy avy eo.

**Stefa**



*Naratra avokoa ny vatan'ilay mpangalatra moto manontolo, toy izany koa ny tongony.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fanomezana R.**